Aza atsahatra amin'ny fahatsiarovana an'i Tompo Allah ny lelanao

Tatitra azo avy amin'i Abdullah Ibn Bosra (R.A) niteny : Nisy lehilahy tonga tany amin'ny Mpaminany ka niteny hoe : Ry Irakan'i Tompo Allah ô ! Lasa maro loatra Amintsika ny lalàn'ny finoana silamo, ka misy zavatra azo atao ve hifikirana Aminy ? Hoy Izy : Aza atsahatra amin'ny fahatsiarovana an'i Tompo Allah ny lelanao ". Ao amin'ny fitantarana hafa : avy amin'ny Hadith nataon'i Moadhe Ibn Jabal (R.A) : Ny zavatra farany nataoko taorian'ny nandaozako ny Irakan'i Tompo Allah dia ny fitenenako hoe : Inona no asa tsara indrindra sy akaiky an'i Tompo Allah ? Namaly Izy ka nanao hoe : “ Ny hahafatesanao raha mando ny lelanao amin’ny fahatsiarovana an’i Tompo Allah ”.
[Mari-pototra] [رواه أحمد والترمذي وابن ماجه وابن حبان]

Nitaraina tamin'ny Mpaminany (S.A.W) ny lehilahy iray fa ny fanompoam-pivavahana an-tsitrapo dia nitombo loatra ka tsy afaka nanao izany noho ny fahalemeny izy, avy eo nanontany an'ny Mpaminany (S.A.W) mba hitarika azy ho any amin'ny asa tsotra izay hitondra valisoa lehibe ho azy izay hifikirany sy hazoiny tsara. Koa nitari-dàlana azy ny Mpaminany (S.A.W) mba hihazona ny lelany malefaka sy mihetsika amin'ny fahahatsiarovana matetika an’I Allah amin’ny fotoana sy ny toe-javatra rehetra. Toy ny fiderana, fisaorana, fitadiavana famelan-keloka, fitalahoana, sy ny hafa ankoatr'izany.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/66541